Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Janvier 2016

Tonga soa ato amin'ny VoSaMi- Salohy.

Mino izahay fa efa namaky tsara ny taratasy fanasana ianao ka nanapa-kevitra hanao izao formation izao.

Toizao ary ny mombamomba azy.

- *Formation halefa isam-bolana ary miangavy anao hamaly ireo fanontaniana rehetra hitanao araka ny fahaizanao na manontania ireo SDB na FMA akaiky anao mba hanampy anao.*
- *Halefaso haingana amin'ny adresse Email : msj_fma@yahoo.fr; pdjmada@yahoo.fr na koa rrufinclaude@gmail.com ny valiny raha vao vita*
- *Na homeo ny tompon'andraikitra raha tsy mañana adresse Email ianao.*
- *Tsarovy fa raha vao tsy tonga ny valiny avy aminao dia tsy tonga intsony ny formation manaraka avy aty aminay.*
- *Manantena ny fiaraha-miasa avy amintsikae!*

Fanamarihana:

- Ataovy tsara ny soratra
- Ataovy tsara ny presentation
- Asio adresse mazava: anarana – fanampiny- toerana ary Email- sy Numero Telephone…

Misaotra indrindra tompoko

I. Teny mahavelona

I Jesoa nanasitrana an'i Barthime : ilay Jamba avy any Jericho

Mk. 10,46-52 :

46Dia tonga tao Jerikao izy ireo. Ary tamin'izy sy ny mpianany mbamin'ny vahoaka betsaka niala tao Jerikao, dia nipetraka nangataka teo amoron-dàlana kosa Bartime jamba zanak'i Time. 47Nony reny fa hoe Jesoa Nazareana izay, dia rafitra niantso izy nanao hoe: Ry Jesoa Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko. 48Ary maro no nandrahona azy mafy mba hampangina azy, fa vao mainka niantso mafimafy kokoa izy nanao hoe: Ry Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko. 49Dia nijanona Jesoa, ka nampiantso azy. Ary nantsoin'ny olona izy sy nilazany hoe: Matokia! mitsangàna, fa antsoiny hianao. 50Dia nariany ny lambany, ka niezaka nanatona an'i Jesoa izy. 51Inona, hoy Jesoa taminy, no tianao hataoko aminao? Dia hoy ilay jamba: Rabony ô, aoka mba hahiratra aho. 52Mandehana, hoy Jesoa, fa ny finoanao no nahavonjy anao. Dia nahiratra niaraka tamin'izay izy, ka nanaraka azy teny an-dàlana.

FANDINIHANA: Eto amin'ny lalana hivoaka ny tananan'i Jericho isika izao, lalana izay mitondra mankany Jerosalema satria i Jesoa dia mandroso tsikelikely ho any Jerosalema izany hoe hanatanteraka ny iraka nampanaovin'Andriamanitra azy dia ny hanolotra ny fiainany tanteraka noho ny fitiavany antsika.

Eny an-dalana Izy sy ny mpianany no nahita an'i Bartimé mipetraka eo amoron-dalana, ary eo am-panaovana ny asany isan'andro : mangataka.

I Bartimé dia jamba, miaina tanteraka ao anatin'ny haizina tsy mahita mangirana na dia kely akory, mipetraka izany hoe sady tsy mihetsika no tsy afaka manao inon'inona,

Eny amoron-dalana izay midika fa olona voailiky ny fiaraha-monina, sady koa tsy mbola an'isan'ny mpianatr'i Jesoa.

Tena olona tsy mba afaka nankafy ny fisiany sy ny fiainany satria sady andevon'ny haizina, voailika, tsy mihetsika, miankin-doha amin'ny hafa foana vao afaka manao zavatra.

Raha fintinina dia tena hoe olona maty tanteraka i Bartimé.

Rehefa nandalo i Jesoa dia niantso mafy izy hoe : Jesoa Zanak'i David ô ! Mamindra fo amiko. Izany dia midika fa na dia teo aza ireo karazan-tsakana ireo dia olona manana fanantenana lalim-paka kosa i Bathimé satria ny olona rehetra mahita sy mahatsapa ny fisian'ny Jesoa eny amin'ny fiainany dia tsy maintsy miantoraka Aminy. Na

dia ratsy teo imason'ny olona aza izy noho izay nahazo azy dia nahay nanararaotra ny fahasoavana natolotr'Andriamanitra azy.

Lalim-paka loatra ny faniriana tao anatiny ka nahatonga azy hanana hery niantsoany an'i Jesoa hoe « Zanak'i David » izany hoe nahalala Azy ho « Mesia » tonga hamonjy ny olona rehetra, ka dia henon'i Jesoa ny feony na maro aza ny olona nanasakana azy, ary dia nijanona Izy ka nasainy natsoina ilay jamba. Tena resy lahatra tanteraka izy fa hoe i Jesoa irery ihany no afaka manasitrana azy.

Ny vali-teni'i Barthimé voalohany raha vao naheno ny antson'i Jesoa izy dia nariany ny akanjony mba hanehoany hoe vonona tanteraka izy hanaraka an'i Jesoa, nialany tanteraka ny olona taloha tao aminy dia ny toetrany sy izay rehetra mety ho nanelingelina azy.

Mazava ho azy fa dia tena nasehony ny olona fa « Matoky an'i Jesoa tanteraka izy ary ny sisa rehetra dia tsy misy dikany ho azy intsony. Nangoniny ny heriny rehetra natolony mba hoentina manaraka an'i Jesoa.

I Jesoa kosa nahita izany finoana sy fahatokisana lehibe izany dia nanontany azy hoe « Inona no tianao hataoko aminao ? » Fanontaniana izay manokatra ny fifampiresahana ao amin'izy roa tonta satria Andriamanitra dia te-hanana fifandraisana manokana amin'izay antsoiny. Omeny fahafahana ny tsirairay mba hanome valin-teny mazava hamboraka ny faniriany. Andriamanitra manko dia tsy mijery afa-tsy izay hahavonjy antsika.

Nihita i Barthimé ka dia nanapan-kevitra hanara-dia an'i Jesoa. Hitantsika amin'izany fa fitiavan'I Jesoa dia ny fahazavana sy ny fandraisana andraikitra mba ho tonga mpianany ihany koa.

Ny fahagagana nataon'i Jesoa azy dia tsy ny fahiratana ihany fa lasa olona sahy mijoro miatrika ny fiainany izy, afaka manara-dia an'i Jesoa, ho tonga mpianany fa indrindra tompon'andraikitra amin'ny fiainany satria dia tafaverina eo anivon'ny fiaraha-monina indray izy.

Fifampizarana

1. Inona avy no teny mba nanaitra anao tao amin'io tantara io? Mbola misy toe-javatra toy izany ve ankehitriny? Manomeza ohatra.
2. Teo amin'ny fiainanao efa mba nandalo fahajambana ko ave ianao ka tsy afaka nahita na nandray ny fahasoavana omen'Andriamanitra antsika ?
   a) Raha tsia ! Hazavao ny valin-teninao.
   b) Raha eny. Karazana fahajambana toy inona avy no efa nandalovanao?
3. Raha ianao no nipetraka teo amin'ny toeran'i Barthimé, inona no mba navalinao ny fanontaniana napetrak'i Jesoa hoe : Inona no tianao hataoko aminao ? Nahoana ?

4. Raha maka ny toeran'i Jesoa indray ianao (niantso sy nanasitrana) ka mifanena amin'ny olona mitovy amin'i Barthimé eo amin'ny fiaraha-monina, inona no mba mety ho fihetsikao manoloana izany ?Hazavao fohifohy ny valin-teninao.
5. Inona no mba tena tianao amin'io tantara io sy ny lesona azona tsoahina hoentina miaina ?

II. Vatsy

FANAZAVANA : araka ny mahazatra, ao amin'ity fizarana faharoa ity dia ahitana tantaram-pianana iray momba ny asa misiônera eo anivon'ny tontolo salezianina sy ny fiangonana. Nefa amin'izao fanombohan'ny fiofanana izao dia tianay aloha ny manolotra sy manazava amintsika ny **asa fanirahana ataon'ny Fiangonana.** Izany no natao dia mba hahazoantsika amin'ny fomba mazava ny atao hoe **"asa misionera."** Koa ny fampianaran'ny Fiangonana **"Sori-dalana momba ny Asa fampielezana ny Finoana ataon'ny Fiangonana"** (A.F.F) [Ad gentes], nalaina tao amin'ny **Konsily Vatikana faharoa** no atolotra antsika satria ao antin'ny jobily faha-50 taona namoahana io sori-dalana io koa isika amin'izao fotoana izao.

Koa indro àry omeny antsika ny lahatsoratra mikasika izany:

Ny raharaha nanirahana ny Fiangonana dia ny hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny olona rehetra.

«Nirahin'Andriamanitra ho amin'ny firenena rehetra ny Fiangonana, mba ho famantarana hita maso sy mampahazo ny famonjena an'izao tontolo izao (1). Katolika izy ka tsy maintsy manerana ny tany rehetra sy ny taona rehetra, ary tsy maintsy manaiky ny Mpanorina azy (jereo Mk 16,16), ka miezaka amin'ny heriny rehetra hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny olombelona tsy an-kanavaka. Hany ka nanara-dia an' I Kristy ireo Apôstôly izay nanorenana ny fiangonana, nitory ny tenin'ny fahamarinana, ary nanorina fiangonana betsaka (2). Ny adidin'ny dimbiny kosa dia ny manao izay haharetan'izany asa izany mandrakizay, "mba handroso faingana ny tenin'Andriamanitra, ka hankalazaina" (2 Tes 3,1), ary hotorîna sy haorina eran'izao tontolo izao ny fanjakan'Andriamanitra.

Nefa, araka ny toe-javatra ankehitriny, izay miteraka toe-piainana vaovao ho an'ny taranak'olombelona, ny Fiangonana, fanasin'ny tany sy fahazavan'izao tontolo izao (jereo Mt 5,13-14), dia antsoina sy dodonana mafy kokoa hamonjy sy hanavao ny zava-boaary rehetra, ary hamerina azy ao amin' I Kristy, sy hahatonga ny olona rehetra ho fianakaviana iray aminy sy ho vahoakan'Andriamanitra tokana ihany.»

(Konsily Vatikana II, A.F.F n° 1, & 1 sy 2).

Ny atao hoe «misionera » na « iraka » sy ny mombamomba azy:

Raha vao miteny hoe «misionera» isika, ny zavatra tonga ao an-tsaina voalohany dia ny hoe **«IRAKA»** na **«FANIRAHANA»**. Ary mifandraika sy mifamatotra tanteraka amin'ity farany ity koa ny teny "APOSTOLY". Ny **"misionera"** izany dia midika hoe **«Apostoly»** na **«Iraka»**. Ny fanaovana **«apostolat»** izany, dia fanatanterahana ny asa izay anirahana. Toy izany koa ny hoe "manao misionera" dia manao ny asa izay anirahana.

Eo amin'ny sehatry ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly indrindra no iresahana ireo voambolana roa ireo dia ny **Apostoly** sy ny **Misionera** na hoe **"IRAKA".** Misy araka izany ny "Mpaniraka" sy ny "Irahina" ary ny "asa anirahana". Ny Mpaniraka dia Andriamanitra na i Jesoa Kristy; ny irahina dia isika mpino kristianina, ny vita batemy rehetra, ary ny asa anirahana dia ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly.

I Don Bosco, izay mpanorina ny fikambanana salezianin'i Don Bosco sady mpiara-manorina ny fikambanana FMA niaraka tamin'Mb Marie Dominique Mazarelo, dia voaantso ho "Apostolin'ny tanora" ho "Ray sy Mpampianatra ny tanora". Voairaka izy ho ***"famantarana sy mpitondra ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ny tanora"***. Voaantso izy hitondra an'i **Kristy Vaovao Mahafaly ho an'ny tanora.** Ary tanjona tampony kendrin'i Don Bosco amin'izany dia ny hitondra ny tanora amin'ny **FAHAMASINANA**. Io "Fahamasinana" io no sehatra farany itodihan'ny hoe "olom-banona" sy "kristianina mendrika".

Araka ireo famaritana noresahintska teo ireo àry, dia azo aseho sy ambara ho toy izao manaraka izao maha-misionera na iraka antsika:

- ✓ Vavolombelona sy mpitondra ny fiainan'i Krsity amin'ny olona rehetra ny tanoran'ny VOSAMI,
- ✓ Apostolin'ny tanora namany izy: "tanora ho an'ny tanora",
- ✓ Ny "fety" sy ny "asa fanompoana" no toe-panahy tena misongadina ao amin'ny VOSAMI sy ny mahamisionera azy. Fety sy fanompoana izay avy amin'ny fahatsapana fa ny famonjena omen'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa dia fanomezana fiainana feno sy lavorary ary be dia be ny olombelona (Joany 10, 10). Eo anatrehan'ny fijaliana sy ny fahoriana dia mirotsaka an-tsehatra i Jesoa mba hamerina ny aina amin'ireo rehetra izay miaina ao anatin'ny fahafatesana. Ny fanasitranana sy ny fandroahana demony ary ny famelan-keloka rehetra nataon'i Jesoa no famantaran'izany fanomezana ny aina izany, izay manana ny faratampony ambony ao amin'ny hazofijaliana sy ao amin'ny fitsanganany ho velona.
- ✓ Mandray andraikitra mba ho vavolombelona sy mpitondra ny fiainan'i Kristy amin'ny rehetra ny tanoran'ny VOSAMI, indrindra amin'ireo tanora izay tsy mahalala ny fiainana feno sy lavorary. Ny fomba ataony dia ilay nataon'i Jesoa ihany: manambara ny fahasambarana avy amin'ny fiarahana amin'Andriamanitra sady manompo ny hafa hatramin'ny fahafoizantena tanteraka mba hahazoan'izy ireo ny fiainana.

Mba hanahafantsika sy hakatsika tahaka an'i Jesoa Mpiandry Ondry tsara, ilay modely hoantsika, àry, dia indro atolotra antsika eto ireo toetrany sy ny asa nataony (Zahao Joany **10, 1-16**)

- ❖ **Toetran'I Jesoa Mpiandry ondry tsara:**
- ✓ Malemy fanahy, Mangoraka, Be fitiavana,
- ✓ Varavarana idiran'ny ondry,
- ✓ Mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny.
- ❖ **Ny asa ataony:**
- ✓ Mamoha ny ondry, Miantso ny anarany, Mamoaka azy,
- ✓ Mialoha lalana azy, Miaro azy, Mamelona azy,
- ✓ Mamonjy azy.

I Jesoa iraky ny Ray: Andriamanitra tonga olombelona, "Ilay Teny tonga nofo, ary miara-monina amintsika". Tong izy mba hamonjy sy hanavotra antsika, ary hanome antsika ny fiainan-tsambatra mandrakizay; dia ilay "Fahamasinana" na "fiainana lavorary ao amin'Andriamanitra".

Fifampizarana

1) Araka io fampianaran'ny Fiangonana nalaina tao amin'ny Konsily Vatikana II io, inona no asa fanirahana fototra sy laharam-pahamehana indrindra tsy maintsy ilofosan'ny Fiangonana sy tanterahany isanandro vaky? Hamarino amin'ny alalan'ny ohatra ny valinteninao.
2) Inona ny hevitry ny teny hoe "Katolika"? Farito sy hazavao ny teny hoe "Misionera"?
3) "Vita batemy ianao, tonga Kristianina", ahoana no ivelomanao izany "fanomezam-pahasoavana lehibe noraisinao avy amin'Andriamanitra izany"? Manomeza ohatra azo tsapain-tanana.
4) Inona avy ireo "asa fanirahana fototra" nimasoan'i Don Bosco sy niezahany mafy tamin'ny asa fanabeazana ny tanora? Iza no modely nalainy tahaka teo am-panatontosana izany?
5) Amin'izao fanirianao sy fikasanao handray anjara amin'ny VOSAMI izao, inona no tena antony lalina nanosika anao hiroso sy handray anjara amin'izany?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Ireo andry telo iorenan'ny fanabeazan'i Don Bosco:

Andry telo lehibe no iorenan'ny fanabeazan'i Don Bosco, dia ny:

- Fitiavana,
- Fisainana,
- Finoana.

Ka ny ifampizarana voalohany amintsika eto dia NY FITIAVANA izay adikan'i Don Bosco hoe "HAMAMIAM-PITIAVANA" na "TOMBOM-PITIAVANA" ho an'ny Tanora.

AMOREVOLEZZA na ny HAMAMIAM-PITIAVANA:
Fomba fifandraisana eo amin'ny seha-panabeazan'i don Bosco

ZAVA-MISY

Ny zava-misy eo seha-panabeazana dia mizara roa:

- Voalohany eo ny manome lanja ny fahafahan'ny tanora ho toy ny mpitarika voalohany (protagoniste) ka ny mpanabe amin'izay dia manaiky sy mampifanaraka ny lahasa araky ny hetsika tian'ny tanora;
- Etsy andaniny eo ny mpanabe izay mampiseho ny fahefany sy ny maha-olon-dehibe azy ka misafidy ny tsy hifandray firy amin'ny tanora ka ny manalavitra ny tanora. Ny beazina koa moa variana amin'ny zavatra hafa toy ny fihainoana mozika,…

Ahoana ary ny hevitr'i don Bosco manoloana izany eo amin'ny seha-panabeazna? Inona ireo toro-lalana arosony ho antsika?

Fanehoam-pitiavana

"Amorevolezza" : fihetsika mahatehotia na fitiavana te-hanao soa.

Tanjon'i don Bosco dia ny hitondra ny tanora hihaona amin'i Jesoa izany hoe ny famonjena ny Fanahy. Tsy inona izany fa ny maha-olona. Ny fanahy no maha-olona hoy isika Malagasy. Ka ny *làlana tokana* hatratrarana izany dia ny fisian'ny **fitokisana** sy ny **fitiavana**. Ka mitaky ny **fifandraisana akaiky** eo amin'ny mpanabe sy ny beazina.

Hoy i don Bosco indray andro niresaka tamin'ireo tanorany toy ny nanao fifanarahana Izy:

" *Izaho sy ianareo dia tsy maintsy hifankatia marina sy hifampatoky marina*".

Izany hoe ny toeram-panabezana dia tsy maintsy ho toy ny fiainam-pianakaviana anjakan'ny fifampitokisana sy fitiavana. Ka ny mpanabe maneho ny fitiavana amin'ny beazina ary ny beazina matoky izany ka mahatonga azy hanaiky sy hankasitraka.

Izany FITIAVANA izany dia mifototra amin'ny tenin'i Md Paoly ao amin'ny 1 Kor 13, 4-7:

"*Ny fitiavana dia sady mahari-po no malemy fanahy; ny fitiavana dia tsy mialona, tsy manaonao foana, tsy mieboebo, tsy manao ny tsy mendrika, tsy mitady ny ho azy; tsy mora tezitra, tsy manao an-dolom-po, tsy mifaly noho ny tsy marina ataon'ny olona fa mifaly noho ny fahamarinany; manala tsiny ny zavatra rehetra, manam-pinoana amin'ny zavatra rehetra; manam-panantenana amin'ny zavatra rehetra; mandefitra ny zavatra rehetra*".

Teo amin'ny **tantara**n'i don Bosco nanonofy Izy tamin'ny 9 taona, nahita lehilahy iray mendri-kaja sady mendri-pitafy; tsy iza io fa i Jesoa, niantso azy sy nilaza taminy fa "*tsy amin'ny alalan'ny herisetra aman-totohondry, fa amin'ny halemem-panhy sy fitiavana no tsy maintsy hakanao azy ireo ho sakaizanao*" (Jereo don Bosco p.33).

Noho izany indrindra ary mila rafitra mazava sy fomba fanabeazana mazava mba ahafahan'ny tanora manomana ny ho aviny sy mivelatra tsara.

** *Ny fanabeazana dia raharahan'ny fo*

Tsy misy fanabeazana tafita raha tsy miainga avy amin'ny fitiavana sy ny fahamendrehan'ny mpanabe ary tsapan'ny ankizy sy ny tanora izany eo amin'ny fiainany. Ny tanora tsy hoe tiana fotsiny fa tsy maintsy mahalala fa tiana izy ireo. Izay mahatsapa fa tiana dia ho tia koa amin'ny manaraka. Ka zava-dehibe ny fitiavana asehon'ny mpanabe indrindra moa ny Ray aman-dReny eo amin'ny fianakaviany eo amin'ny zanany. Ka ireo manana olana eo amin'ny fianakaviany dia mampisalasala ihany.

Ahoana ary no ahatsapan'ny tanora fa **tiana** Izy:

- tia ny zavatra tiany, ny mahafaly azy
- mandray anjara amin'ny zavatra tian'izy ireo toy ny kilalao, sns…
- fanehoana ny fanatanterahana ny asantsika amim-pitiavana sy maimaim-poana
- mahafoy fotoana miaraka aminy
- miezaka ny hanaraka ny tian'izy ireo
- mamela ny maha-Izy ny tena: olon-dehibe, ny asa, ny andraikittra,…

Rahefa tsapan'ny tanora izany fitiavana asehontsika izany dia misy ny fitokisana ary teraka ny **fifankazahoana am-po** ka ahafahantsika **mifankahazo** amin'ny tanora ka afaka manabe.

** Ny endrika isehoan'ny FITOKISANA:

Fahafahana maneho hevitra – mamela ny tanora hivelatra – misy ny fihainoana – fanomezana lanja manokana ireo zava-bitan'ny tanora. Ka izany dia mahatonga ny **fifandraisana lalina**.

>>> Ny *fisiana eo anivon'ny tanora* dia làlana iray mampitombo ny fifandraisana. Tsy hoe miaraka amin'ny tanora ara-batana fotsiny fa fiarahana miendrika fifampizarana sy fanentanana. Izany fiarahana miaraka eo anivon'ny tanora izany dia tsy miendrika fibaikoana na fandidiana fa toy ny namana, zoky, ka ny tanora miaina ampatoniana sy ampahalalahana tanteraka. Izany no maha-zava-dehibe ny TOKONTANY izay toerana ahafahana ihaonana sy ifampizaran'ny mpanabe sy ny beazina.

>>> *Vokatr'izany*: tonga ny tanora milaza ny **tsiambaratelony** sy ny olana mitranga eo aminy. Lasa **misokatra** ho azy ny **fo**n'ny tanora.

>>> Ho an'ny mpanabe rehetra dia i *Jesoa no modeliny* satria ny mpanabe dia tokony famantarana sy mpitondra ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny tanora. Izy no modely amin'ny fomba fifandraisantsika amin'ny tanora.

- Tonga kely miaraka amin'ireo kely izy.
- Mitondra ny vesatry ny fahotana.
- Tia ka vonona manolotra ny ainy.

"Izay ataonareo amin'ireny madinika ireny dia ataonareo amiko" (Mt 25,40)

Vokatr'izany: tonga ny tanora milaza ny **tsiambaratelony** sy ny olana mitranga eo aminy. Lasa **misokatra** ho azy ny **fo**n'ny tanora.

>>> Ho an'ny mpanabe rehetra dia i *Jesoa no modeliny* satria ny mpanabe dia tokony famantarana sy mpitondra ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny tanora. Izy no modely amin'ny fomba fifandraisantsika amin'ny tanora.

- Tonga kely miaraka amin'ireo kely izy.
- Mitondra ny vesatry ny fahotana.
- Tia ka vonona manolotra ny ainy.

"Izay ataonareo amin'ireny madinika ireny dia ataonareo amiko" (Mt 25,40)

- **Fifandraisana manokana**: I don Bosco dia nifandray tamin'ny tanora manokana tamin'ny firesahana manokana tamin'izy ireo. Izy ohatra rahefa eny an-tokontany dia manipy teny kely, mibitsibitsika amin'ny sofina (parola all'orecchio). Ary *vonona* foana Izy mizara ny sakramentan'ny fibebahana.
- **Fanafoanana ireo endri-tsaranga** : mpanabe – beazina. Izany hoe ny mpanabe dia tokony ho zoky, Ray eo anatrehan'ny tanora, mizara ny traikefany ary tsy maneho ny maha- lehibe azy. I **don Bosco** mampianatra ny FIAINANA fa tsy mampanjaka ny fitsipika.
- **Modely ara-pahamatorana eo amin'ny fitiavana**: Manoloana ny tsy fahamatoran'ny tanora ara-pitiavana; ny mpanabe no modely voalohany maneho ny fahamatoram-pitiavany ary sahy mampianatra ny lalàna moraly.
- **Maharitra amin'ny fanehoam-pitiavana**: Manoloana ny tsy fivakian'ny tanora loha: ny mpanentana tsy maintsy maneho mandrakariva ny hamamiam-pitiavana ary miezaka ny hahatonga ny tanora ho tompon'andraikitra amin'ny fampandehanany ny fiainany.

Fifampizarana

1) Inona no atao hoe: "hamamiam-pitiavana" araka ny hevitr'i Don Bosco? Inona no tanjona kendren'i Don Bosco amin'izany? Inona avy ireo lalana ahatratrarana izany?
2) Ahoana ny fahazoanao ny tenin'i Don Bosco hoe: "ny fanabeazana dia raharahan'i fo"?
3) Hazavao ireo endrika isehoan'ny "fahatokisana" sy ny maha-zava-dehibe azy amin'ny fomba fanabeazana aroson'i Don Bosco?
4) Araka ny hevitrao, amin'izao vaninandro iainantsika izao mbola manankery sy ilaina ve ity "hamamiam-pitiavana" atolotr'i Don Bosco antsika ity? Hamarino amin'ny alalan'ny ohatra ny valinteninao?